Kaominina Ivato sy Fanantenana zotra D **7**

**Hitatitra maimaimpoana ireo mpanala CEPE**

Fankalazana ny fetim-pirenena **3**

**Hanadio tanàna ny Jeunes sy ny Femmes TIM Diégo**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Sabotsy 10 jona 2023 Laharana 1443 Vidiny : **600 Ar**

www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


**Facebook** **3**

**Filoha mampihomehy, ataovy faritra faha-25 koa ireo Iles Eparses**

**Kongresim-paritra** **2**

## Haka tsodrano amin'ny « Grand Sud Est » ny filoha Ravalomanana



**Miala Rajoelina** **3**

## Nanambany ireo depiote nanasonia ny fitsipaham-pitokisana

**J - 91**

**Seces Nasionaly** **2**

## Tsy hilefitra amin'ny fitondrana manao tsinontsinona ny fampianarana ambony



**Profesora Rabesa Zafera Antoine** **2**

## Nifampizara traikefa tamin'ny mpitarika ny TIM Mahajanga



**Tranga mampalahelo** **6**

**Tovovavy 17 taona, maty irery tao an-trano**

**« Orange Pro-League 2022/2023 »** **5**

**Raikitra ny ½-dalana mandroso anio sy rahampitso**

**Daka kely**



Telo volana katroka sisa dia bye bye ialahy ry Boaikely a !

KONGRESIM-PARITRA

# Haka tsodrano amin'ny « Grand Sud Est » ny filoha Ravalomanana

Tanterahana amin'izao faran'ny herinandro izao ny kongresim-paritry ny antoko Tiako i Madagasikara any amin'ny « Grand Sud-Est », na any atsimo atsinanan'i Madagasikara iny, izay ahitana faritra 3 dia Fitovinany, Atsimo Atsinanana ary ny faritra Vatovavy. Ny « Grand Sud-Est » raha ny famaritana azy dia avy any Nosy-Varika faritra Fitovinany, tonga any Vangaindrano faritra Atsimo Atsinanana, ka hatrany Fort-Dauphin faritra Anôsy. Anio sabotsy no hanatanterahan'ny antoko najoron'i Dada ny any Fitovinany, hatao anio any Manakara ; rahampitso alahady ny any Atsimo Atsinanana, hatao any Vangaindrano ary ny alatsinainy ho avy izao ny kongresim-paritry ny TIM any Vatovavy, hatao ao Mananjary. Heverina fa haka tsodrano any amin'izany faritry ny « Grand Sud-Est » izany ihany koa ny filoha Marc Ravalomanana, mialohan'ny kongresy nasionalin'ny antoko, ary indrindra mialohan'ny fifidianana filoham-pirenena hatao eto amintsika amin'ity taona ity. Anisan'ny be mpifidy eto Madagasikara ny amin'ireo faritra ireo, ka tsy ataon'ny antoko TIM sy ny filoha Ravalomanana ambanin-javatra ny fihaonana amin'ny mpikatroka, ny mponina, ny anton'olona maro samihafa ary ireo ray aman-dreny any an-toerana. Lalana tsy maintsy hizorana ho an'ny rehetra mangatatsodrano hirotsaka hofidiana eto amin'ny firenena koa ny any atsimo atsinanan'ny Nosy iny. Ho tafahoana tokoa ny tia sy ny manina mandritra ny 3 andro any Manakara, Vangaindrano ary Mananjary. Ny filoha



*Ny filoha Marc Ravalomanana tany amin'ny RN25 omaly.*

Marc Ravalomanana rahateo no filoha nampitohy tamin'ny alalan'ny arabe vita tara an'Antsiranana, mandalo ny renivohitra Antananarivo, ka hatrany Vangaindrano. Tamin'ny androny no vita tara ny RN6 Ambanja-Ambondromamy, ny RN25 Ambohimahasoa-Vohiparara, ary vita tara koa nanomboka tamin'ny nitondrany ny RN25 ihany : Irondro-Manakara hatrany Vohipeno, izay lalantany tamin'ny fotoan'androny. Arak'izany, tsy ho latsa-danja amin'ireo kongresim-paritra efa vita ny any Fitovinany, sy Atsimo Atsinanana ary Vatovavy.

**Isambilo**

Profesora Rabesa Zafera Antoine

# Nifampizara traikefa tamin'ny mpitarika ny TIM Mahajanga



*Profesora Rabesa Zafera Antoine (faha-5, avy ankavia), sy ireo mpitarika ny antoko TIM Mahajanga.*

Nifampizara traikefa tamin'ny mpitarika ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM) any Mahajanga faritra Boeny omaly ny Profesora Rabesa Zafera Antoine, izay mpampianatra amin'ny Oniversite, sady efa ministra tamin'ny fotoan'androny. Nanambara nandritra izany i Achim Kely, izay anisan'ny mpitarika ny antoko najoron'ny filoha Marc Ravalomanana any an-drenivohitry ny faritra Boeny fa : « isaorana manokana i Profesera Rabesa Zafera Antoine, izay Ray aman - dreny lehibe eto Mahajanga nizara traikefa sy fampianarana hoanay androany. Nahavelom-bolo ny fihaonana izay tao anatin'ny firahalahiana tokoa. Ny tanjona iraisana dia ny fampandrosoana ity Tanindrazana malalantsika ity. » Misokatra amin'ny ankolafin-kery rehetra hatrany ny antoko TIM amin'izao fotoana, anisan'izany ireo any amin'ny « tanànan'ny voninkazo ».

**Isambilo**

Maintirano faritra Melaky

# Tafajoro ny COMTIM any Andabotoka

Tafajoro ny herinandro lasa teo ny COMTIM any amin'ny kaominina Andabotoka distrikan'i Maintirano faritra Melaky. Niatrika ny fananganana izany tany an-toerana, ny mpandrindra ny TIM Région Melaky sy ny filohan'ny DISTIM Maintirano. Nisongadina nandritra ny fotoana ihany koa, fa vonona hanabe voho ny antoko ireo biraon'ny COMTIM vao najoro ireto, ary vonona hampandany ny filoha Marc Ravalomanana, filoha nasionalin'ny antoko, amin'ny fifidianana filohampirenena ho avy amin'ity taona ity. Nanentana faramparany koa izy ireo ny mponina any amin'izany toerana izany hanamarina ny anarany ao anaty lisi-pifidianana, sy hisoratra amin'izany lisitra izany ho an'ireo mbola tsy nahavita.



*Ny fivoriana nananganana ny COMTIM tany Andabotoka Maintirano.*

**Stefa**

*Ny Valosoa sy fakafaka*

Seces Nasionaly

# Tsy hilefitra amin'ny fitondrana manao tsinontsinona ny fampianarana ambony

Mandalo fotoan-tsarotra ny Anjerimanontolo sy ny toeram-pampianarana ambaratonga ambony miankina amin'ny fanjakana, sy ny foibem-pikarohana nasionaly ary manao fanahy iniana anapotika an'io sehatra io ny mpitondra fanjakana ankehitriny, satria tsy nitondra vahaolana manoloana ny fitarainan'ny Seces rehetra hatramin'izao. Io no nisongadina nandritra ny filankevi-pirenena nataon'ny sendikan'ny mpampianatra mpikaroka sy ny mpikaroka mpampianatra tetsy amin'ny Oniversiten' Antananarivo ny Alakamisy 08 Jona 2023 ka hatramin'ny omaly Zoma 09 Jona 2023. Araka ny fanambarana nataon-dRamatoa Masindraza Graziella, solontenan'ny Seces nasionaly dia manome fe-potoana hatramin'ny faran'ny volana Jona 2023 ho avy izao, ho an' ireo tompon'andraiki-panjakana voakasika ny Seces hanome valiny mahafa-po mikasika ny rijan-teny « Communication verbale conjointe» mandrafitra ny tetiandro momban'ny fandoavana ny vary mangatsiaka vokatry ny « Decret » miisa 3 nifampidinihan'ny Ministeran'ny fampianarana ambony sy ny Ministeran'ny toekarena ary ny fiadidian'ny Primatiora. Raha tsy misy fandraisana andraikitra avy amin'ireo tompon'andraki-panjakana voalaza ireo dia miantso ny filoham-pirenena, mba hanolo an'ireo olona izay vato misakana ho an'ny fampandrosoana ny fampianarana ambony ny Seces. Nanohy fanazavana ny mpitondra tenin'ny Seces nasionaly, fa tsy tompon'andraikitra amin'ny mety ho fikatsoan'ny Fampianarana ambony ny Seces raha toa ka mbola ataon'ny fitondram-panjakana anjorom-bala ny fitakian'ny mpampianatra mpikaroka sy ny mpikaroka mpampianatra, ao anatin'izany ny fitsaharan'ny fampianarana nataon'ireo mpampianatra an-tselika izay misahana ny 70% ny asa eny amin'ny fampianarana ambony, noho ny tsy fandoavan'ny fitondram-panjakana ny karaman'ireto farany efa ho 4 taona misesy izay.Nanohy ny fanambarana nataony Ramatoa Graziella, fa anisan'ny mampitaraina ny Seces ny tsy fahatongavana ara-potoana ny vola fanampiana (Subvetion) ho an'ny Anjerimanontolo ; ny toeram-pampianarana ambaratonga ambony miankina amin'ny fanjakana ; ny foiben-toerana nasionaly ary tsy eken'ny Seces ny fakana an-keriny amin'ny fomba tsy ara-dalàna ny tany sy ireo fotodrafitr'asa ananan'ny Oniversitem-panjakana kanefa tsy misy fandraisana andraikitra ataon'ny manam-pahefana. Mampitaraina ny Seces nasionaly ny tsy famahana ny olana momba ny fisitrahan'ireo mpandraharaha andalam-pisotroan-dronono ny « Indemnité d'installation » ary misy mpandraharaha tsy mandray fisotroan-dronono efa ho 3taona misesy izay ary mahamenatra ny tsy fandraisana andraikitra ataon'ny fitondram-panjakana momba ny fahapotehan'ny trano fonenan'ny mpianatra, sy ny fahasahiranan'ireto farany rehefa handray vatsim-pianarana. Nanolotra soso-kevitra entina hanarenana ny olan'ny famatsiana solika eto Madagasikara ihany koa ny Seces, tokony hampiasaina hoy izy ireo ny vokatry ny solika mavesatra ao Tsimiroro. Sehatra maro no potehan'izao fitondrana Rajoelina izao, fa tsy ny fampianarana ambaratonga ambony ihany, eo koa ny fampianarana amabaratonga faha-2 sy fanabeazana fototra. Mbola maro ireo mpampianatra FRAM tsy nahazo ny tambin-karamany nandritra ny volana maromaro. Vitsy ireo nahazo fifanarahana arak'asa amin'ny fitondrana ireo mpampianatra FRAM, fa tsy araky ny havoakan'ny ministera. Ohatra : amin'ny mpampianatra FRAM miisa 600 ao Ambohidratrimo, 60 mahery fotsiny no ho voaray mpiasam-panjakana. Potehiny toy izany koa ny sehatry ny fikarohana, latsaky ny 1% ny vola atokan'ny fitondrana amin'ny sehatry ny fikarohana ity eto amintsika, nefa izany no tena fototry ny fampandrosoana ny firenena.

**Franck Razakambelo**

Ny Valosoa sy hadihady

## Miala Rajoelina. (J- 91)

# Nanambany ireo depiote nanasonia ny fitsipaham-pitokisana

Very hasina tanteraka ny Antenimierampirenena, izay Andrimpanjakana faharoa araka ny fitantanana ny firenena voafaritry ny Lalàmpanorenana. Ity fahefana ity tokoa no mandany ireo lalàna mifehy ny fanatanterahana ireo asa voarakitra ao amin'ireo Programam-panjakana (PGE), sy manome alàlana eo amin'ny fandaniana ireo fifanarahana arabola amin'ny Mpiara-miombon'Antoka ara-teknika sy ara-bola (PTF), ho fanatanterahana ireo tetikasa na fifidianana ary fanekena ny fandaniana ireo fanampiana ny Firenena eo amin'ny sehatra maro samihafa. Efa niainan'ity fahefana mpanao lalàna ity ihany koa ny tsy firaharahian'ny fahefana mpanatanteraka azy, mifamototra ny andraikitr'izy ireo, ka ny mpanaramaso sy mpanakiana ary mpanery amin'ny fampitàna izay tsy tanteraka indray no miforitra eo anoloan'ny fahefana tokony ho feheziny. Hita amin'izao fivoriana ara-potoana voalohany amin'ity taona ity izao, fa toa tsy ao amin'ny depiote intsony ny faharisihana hanatrika ny fivoriana, satria tsy mahatratra ny ampahatelony foana no tonga. Azo heverina fa noho ny fahatsapan'ny ankamaroany fa tsy manana ilay fahefana sady tsy afaka misahana ny andraikitra napetraka taminy ireo mingitrika ireo. Ny mahavariana dia ireo depiote IRD maro an'isa no tsy tonga amin'ny fivoriana, satria sorena tamin'ny fanambanian'ny filohan'ny Repoblika Andry Rajoelina, ireo nanao sonia ilay fitsipaham-pitokisana, ka tsy misy dikany sy tsy hanova na inona na inona eo amin'ny tsy firaharahiana azy na tonga mivory izy na tsia. Efa mikorontana ambony ambany ireo andrimpanjakana misy eto amintsika ankehitriny, soa ihany fa efa 91 andro (J- 91) sisa dia hiala amin'ny toerany ity filoha tsy mahay mitantam-pirenena, tsy mahalala izay tena ilain'ny vahoaka ity. Nandalo fanindroany teo amin'ny Antenimierampirenena ny Lalàna mifehy ny Harena an-kibon'ny Tany (Code Minier) nasian'ny Antenimierandoholona fanitsiana ary nolanian'ireo tonga nanatrika izany. Latsaky ny telopolo ny nandany izany lalàna izany kanefa dia tena fanaovana tsinontsinona ny vondrombahoaka itsinjaram-pahefana nifidianan'ny vahoaka azy ireo ity lalàna ity, satria ny vola ho sitrahany dia tsy ahafahany hampandroso ny any an-toerana nivoahan'ny harena an-kibon'ny tany akory. Nikabary ny filohan'ny Repoblika Rajoelina Andry tamin'ny fitsidiham-paritra nataony tany Maroantsetra sy Mananara Avaratra, fa hapetraka any ny faritra faha-24 ary tapaka tao amin'ny filankevitry ny minisitra, fa hanangana trano hiasana sy honenan'ny governora. Manaporofo indray izany, fa ny filohan'ny Repoblika no sady fahefana mpanatanteraka no fahefana mpanao lalàna izay midika ho fanaovana tsinontsinona ny depiote ihany koa, sady fanitsakitsahana ny lalampanorenana sy ny lalàna misy eto amin'ny firenena. Tsy governora tokoa no ao amin'ny lalampanorenana fa lehiben'ny faritra. Tsy mbola nisy tranga tahaka izay nisy tamin'ny andro tokony hihaonan'ny depiote sy ny governemanta farany teo, tao anatin'ny enimpolo taona, satria ny tokony hatahorana indray no natahotra nifanatrika, ka dia nahemotra izany fanadaharam-potoana izany. Momba ny Tetibola hasiam-panitsiana (LFR) indray dia nanaiky ny depiote maro an'isa fa marina ny tenin'ny Praiminstra fa tsy voatery hasiam-panitsiana ny Tetibola Lasitra (LFI) na dia hitan'ny mpahay toekarena aza, fa betsaka ny fandaniana sy sora-bola tsy mifanaraka amin'ny zava-misy. Ireo tranga rehetra misy ao amin'ny Antenimierampirenena dia manaporofo, fa fahefana malemy sy tsy mijoro ary tsy hentitra amin'ny andraikitra napetraka aminy ny Antenimierampirenena, ka izay no hahasahian'ny fahefana mpanatanteraka ho sahy manindry azy tahaka izao. Tsy sahin'ny filohan'ny Repoblika anefa ny mandrava ity Andrimpanjakana ity, kanefa dia zony tanteraka izany, satria tsy maintsy hatao alohan'ny fifidianana Filoham-pirenena ny fifidianana solombavambahoaka raha handrava izy, ka tsy hanana ny maro an'isa intsony izy ary tsy maintsy ho mpanohitra no ho betsaka any amin'ny Faritra, ka tsy ho azo antoka ny fahalaniany. Na izany na tsy izany dia inoana, fa ireo depiote nanao sonia ilay Fitsipaham-pitokisana dia efa tsy hanohana an-dRajoelina Andry amin'ny fifidianana Filoham-pirenena. Mivory koa ny Sendikan'ny Mpampianatra Mpikaroka sy Mpikaroka Mpampianatra nanomboka ny alakamisy teo ary nifarana omaly. Hentitra dia hentitra ny Filoha Nasionaly, fa tena tsy raharahian'izao fitondrana izao mihitsy ny Fampianarana Ambaratonga Ambony, satria misy ny tolo-dalàna narosony, mba hananan'ny Oniversite fizakantena (autonomie) kanefa tsy raharahian'ny fitondrana izany. Etsy an-kilany dia tsy nandray karama ireo mpampianatra an-tselika (vacataires) nandritra ny efatra taona kanefa dia izy ireo no miantoka ny fitoplo isan-jaton'ny fampianarana. Veliranon-dRajoelina Andry ny hanangana Oniversite isam-paritra, tsapa avy amin'ny toe-daraharaha misy eny amin'ny Fampianarana Ambaratonga Ambony anefa, fa tsy laharam-pahamehana aminy ny fanabeazana ny taranaka malagasy satria ny azy sy ireo mpiaradia aminy dia any ampitan-dranomasina no mandranto fianarana. Fianarana raisina hiatrehana ny ho avy ny tranga rehetra eto amin'ny Firenena, ka izay niainana no hisafidianana izay ho tomponandraikitra mahay mitsinjo lavitra sy mahay mandanjalanja ny mety sy ny tsy mety.

***Andry Tsiavalona***

**FANKALAZANA NY FETIM-PIRENENA**

# Hanadio tanàna ny Jeunes sy ny Femmes TIM Antsiranana

Amin'ny fiandrasana ny fankalazana ny fetim-pirenena amin'ny 26 jona izao, hanamarihana ny faha-63 taona niverenan'ny fahaleovantenan'i Madagasikara, hanao hetsika sosialy ho fandiovana tanàna ny tanora sy ny vehivavy, na ny Jeunes sy ny Femmes TIM Antsiranana any amin'ny faritra Diana. Izany asa fanadiovana izany dia hataon'izy ireo ao amin'ny Place Joffre sy Jardin place Musique ao Diego anio sabotsy 10 jona 2023. Tamin'ny 7 ora maraina no nanombohan'izany asa fanadiovana izany, tao amin'ny Place Joffre. Izany no atao hoy ny tompon'andraikitra dia ho fandraisana andraikitra amin'ny fampandrosoana ny tanàna . Hofaranana amin'ny fiarahana miala hetaheta ao amin'ny QG MAGRO Place Kabaro Antsiranana ny fotoana.

***Niaina***



*Ny Place Joffre any Antsiranana.*

facebook NY VALOSOA VAOVAO

## Filoha mampihomehy

## Ataovy faritra faha-25 koa ireo Iles Eparses

**Ezekiela Rasoloson :** mampihomehy mihitsy ity filoha Rajoelina ity sy ny governemantany, distrika 2 ataony faritra Ambatosoa dia Maroantsetra sy Mananara Avaratra, nefa distrika maromaro tsy zarainy ho faritra izay.

**Erson Manjaka :**Tokony atambatra ho iray , dia lasa zaraina maro.

**Yholy Rad :** amin'ity Flou hiala afaka 3 volana itydia be werawera ihany ?Miaiky ah. Ary efa vita nga ilay RN13 tokony hoe tsy hanao politika tsony ngah Filou rah tsy vita io.

**Zo Fototra Rakoto :** Mangoro sy Alaotra koa zarao e.

**Hars'handy Ratompu :** otran'ny milalao rangah nareo. Tsy omena tsiny fa andron'ny tsikononkonona Zao , kizarazara, kilalao.

**Ndretsa Rakotoarisoa :** raha misy ny faritra tokony ho zaraina dia tsy any mihitsy, fa misy faritra manana 9 district ary tena midadasika be izay tsy izy... Misy faritra hafa koa ao mila manitsaka faritra iray vao tonga any amin'ilay district iray ao aminy.

**Herman Gérard Matangison :** miandry koa ny faritra plateau Mahafale.

**Samoela Ramanantsoa :** faritra faha- 25 mba ankatoavy koa ireo Iles Eparses.

**Fanomezantsoa Randriamahazo :** zay kou mangataka, ataovy faritra I Tsiadana Ampasanimalo fa maro olona.

**Nala's Bijou : Fanomezantsoa Randriamahazo :** Itaosy Unis no tena tokony ataony faritra iray.

**Fanomezantsoa Randriamahazo : Nala's Bijou :** ataovy ny fangatahana, hihiiiiii !

**Nala's Bijou : Fanomezantsoa Randriamahazo :** mino za fa efa ho ao antsain-dRajoelina zay.

**Lala Andriamasinoro :** Ambohipo koa ka, mila ataoi faritra iray.

Fanomezantsoa Randriamahazo : maty antoka nama lay 22 regions tany @CEPE-ako.

**Iraka Amby Yno :** mbola mitoetra foana ilay hoe: Zarazarao anjakana.

**Njaka Andrianampoina :** iny eo ihany fa voaporofo mazava izao fa mbola ny frantsay no mitondra an'i Madagasikara satria mpisolelaka daholo ny mpitondra ao ambony ao dia te hahazo dera avy @ vazaha.

**Iraka Amby Yno :** misy mpandraharaha tokana ihany koa mifehy ny mpitondra satria tsy ampy vola @ propagande, izay no mahatonga ny vanille sy letchi midina be ny vidiny, io olona io no mifehy ny port ao Toamasina.

## TONONKALO

## Ny fananganan-tsaina

Matoa misy maro ireo manangan-tsaina,
Dia misy ireo hevitra tiany hampitaina,
Satria efa ambara sy tena idedahana
Fa tena misy ny fahalalahana.

Andaniny, misy ihany ireo noterena
Ny hanangana maitso sy fotsy ary mena,
Mba hoenti-maneho amin'ireo izay mitazana
Ilay hoe fitiavana ny tanindrazana.

Ankilany , iretsy tsy voarotsirotsy
Izay efa manangana ilay saina fotsy,
Satria mahatsiaro ho tsy misy mpijery
Ary tena manjonitra sy miady irery .

Tsy mana-mpitondra mba hoe iantorahana
Fa fahantrana no tena mibahana.
Antoandro, tsy manana rano antsakaina,
Hariva dia maizina mandra-maraina !

Ankoatran'ireo , misy ny efa mitrena
Ka mandrangaranga an'ilay saina mena,
Fa efa mitetika ny hanasazy
Ireo efa lazainy ho « tsy mahavita azy » !

…Ka tena mba mila mandinika ihany
Ireo antokon'olona izay iantefany,
Fa manana heviny maro izy ireny,
Indrindra ho an'ireo izay tsy avela hiteny !

***TSIMIMALO (08-06-23)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Navalona, LW

Ny nananganana ny COMTIM Andabotoka any amin'ny distrikan'i Maintirano faritra Melaky.





Efa miomana amin'ny hanaovana ny kongresim-paritry ny TIM Vatovavy ihany koa ny antoko TIM ao Manajary.









Nitsidika ny Centre Valbio ao Ranomafana Ifanadiana faritra Vatovavy ny filoha Marc Ravalomanana, amin'ny fandalovany amin'ny lalampirenena faha-25 (RN25) iny. Nifanakalo hevitra tamin'ireo mpianatra mpikaroka avy any Etazonia izy nandritra izany.





## NY TENY FIAINANA

*"Fa toy izao no nitiavan'Andriamanitra izao tontolo izao: nomeny ny Zanani-lahy Tokana, mba tsy ho very izay re-hetra mino Azy, fa hanana fiainana mandrakizay."*
***Jaona 3:16***

### "Football For Schools" ho an'i Madagasikara

# Nosokafana ofisialy tamin'ny alakamisy teo

Nisokatra tamin'ny fomba ofisialy tamin'ny alakamisy 08 jona 2023, ny tetikasa "Football For Schools" ho an'i Madagasikara, izay notarihan'ny solontenan' ny FIFA tompon'andraikitra voalohany amin'ity tetikasa ity, Ramatoa Fatmata, namita iraka manokana teto Madagasikara mikasika an'ity tetikasa ity, notronin'ny mpikambana ao amin'ny FMF "Fédération Malagasy de Football", notarihan'ny filohany mpisolo toerana ao aminy ankehitriny, sy ny solontenan'ny Ministeran'ny Fampianarana sy ny Ministeran'ny Tanora sy ny Fanatanjahantena Malagasy. Tamin'io alakamisy io ihany koa no nanatanterahina ny fanomezana ny "Diplôme" ho an'ireo mpanabe, izay nanaraka ny fampiofanana nandritry ny 6 sy 7 jona 2023 teo.

***Rainilita***



***Fanokafana ny "Football For Schools" ho an'i Madagasikara.***

### Basket N1 B Hommes Morondava 2023

# Tontosa omaly zoma ny "Réunion Technique"

Tontosa omaly zoma harivan'ny 09 jona 2023, tao amin'ny "Maison des Jeunes Morondava", ny fivoriana "Réunion Technique" ny fifaninanana fiadiana ny ho tompondaka nasionaly 2023 sokajy N 1B lehilahy. Anio sabotsy 10 jona 2023 kosa ao amin'ny kianja "Terrain Capj sy Caserne de la Gendarmerie" any Morondava vao tena hanomboka ny fifaninanana, ka ireto avy ireo ekipa handray anjara amin'izany : Génération 619 sy Ass (Menabe), Serasera sy Ffpro (Vakinankaratra), Cospn 2 sy Blac (Atsinanana), As Victoire sy Sbbc ary Rbc (Boeny), Bcr sy Ambb ary Akbb (Analamanga), Fandrasa (Matsiatra Ambony), Bcest (Atsimo Atsinanana), Ngb (Itasy), Epab (Betsiboka), 3Fb (Androy), As Somava (Sava), Cosfa sy Asb (Qualifiées d'offices).

***Rainilita***


***Kianja basikety « Terrain Capj Morondava ».***

### Lalao Asief Analamanga 2023

# Hisongadina ny fifaninanana basikety etsy amin'ny Toby


***Ekipa Basket Asief Mjs Analamanga.***

Hisongadina ny fifaninanana basikety ho tontosaina etsy amin'ny kianja "Terrain Toby Ratsimandrava Andrefan'Ambohijanahary, amin'ny fitohizan' ny fifaninanana Asief rejionalin'Analamanga 2023amin'ity faran'ny herinandro ity. Fandaharan-dalao sabotsy 10 jona 2023 : Kianja « Terrain Toby Ratsimandrava Andrefan'Ambohijanahary » 7.30（DA）MID＃MEDD 8.30（JC）MTEFTLS＃APMF 9.30（DA）SANTE＃EMA 10.30（JD）MEF＃CUA 11.30（DB）HJRA＃MTEFP 12.30（DB）MINAE＃MJS 13.30（JC）MATSF＃PRM Marihana fa mitondra « Bordereau » sy « CIN » ireo mpilalao rehetra.

***Rainilita***

### « Orange Pro-League 2022/2023 »

# Raikitra ny ½-dalana mandroso anio sy rahampitso

Anio sy rahampitso 11 jona 2023, no hanatanterahana ny lalao mandroso amin'ny fifaninanana baolina kitra « Orange Pro-League 2022/2023. Fandaharan-dalao harahana amin'izany : - Any "Barikadimy Stadium Toamasina" amin'ny saboty 10 jona: 14:30- As Fanalamanga Alaotra Mangoro # Cosfa Football Analamanga, -Etsy amin'ny "Elgeco Plus Stadium By Pass » amin'ny alahady 11 jona : 14:30-Ajesaia Bongolava # Fosa Juniors Fc Boeny.

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa



Henomby sy poivron ritra indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana lasary tômaty, na lasary voatabia miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Fanafana amin'ny asthme na misohiaka ny akondro manta

Fanafana amin'ny asthme na misohiaka ny akondro manta, io indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany.
Zavatra ilaina : 2 akondro manta, rano 1/2 litatra.
Fikarakarana azy.
Voasana ilay akondro dia tetehana rondelle ary ampangotrahana 5 min amin'ny afo malefaka dia ilay ranony iny no sotroina. Manao vaovao isan'andro mandritra ny tapa-bolana.



## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'i Manakana distrikan' Antanambao Manampotsy faritra Atsinanana

Ny tanànan'i Manakana distrikan'Antanambao Manampotsy faritra Atsinanana indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Manakana, iray amin'ireo kaominina miisa 5 mandrafitra ny distrikan'Antanambao Manampontsy i Manakana. Vokatra any ny vary, ny kafe, ny voankazo toy ny akondro, ny letchi. Be ala koa i Manakana, ka misy ireo mpanao arina fandrehitra ireo mponina any.



IKALAMAVONY

# Dahalo 3 lavo vokatry ny fifandonana tamin'ny miaramila

Dahalo 3 no lavo vokatry ny fifandonana tamin'ny miaramila tany amin'ny distrilkan'Ikalamavony faritra Matsiatra Ambony. Dahalo niisa 08 nitondra kalachnikov niaraka tamin' ny omby manodidina ny 30 mahery eo no fantatra, fa nitoby tao amin'ny kizon'i Manody, antsoina hoe Manambato Andragnomandragna, Fokontany Androy, kaominina Fanjakana, distrikan'Isandra, izay faritra manasaraka ny distrikan'Ikalamavony sy Isandra ary Ambohimahasoa, araka ny fampitam-baovao avy tamin'olon-tsotra.




*Ireo omby azon'ny miaramila, miandry ny tompony any Ikalamavony.*

Rehefa izay dia nandray ny andraikiny ny vondrontafika miaramila avy ao amin'ny 3ème Compagnie d'Infanterie d'Ikalamavony nihazo ity toerana voalaza ity ary tonga tao sahabo tamin' ny 01 Ora marain'ny 8 jona teo. Nanao savahao ny kizo ary nahita ireo dahalo niaraka tamin'ireo omby ireo. Raikitra ny fifanandrinana ka dahalo 3 lavo, ny ambiny tafatsoaka. Basy fusil de chasse iray no azo niaraka tamin'ireo omby ireo. Marihana fa tsy nisy omby very tao Ikalamavony, ka tsy mbola fantatra hatreto ny tompon'ireo omby ireo, anaovana antso avo etoana mba hamonjy ny Kaominin'i Ikalamavony miaraka amin'ireo antotan-taratasy rehetra manamarina izany. Tsara hamafisina fa ao amin'ireo toerana ireo foana no kizo itobian'ireo dahalo ary anaovany ny fanadiovana ireo omby halatra.

**Niaina**

Tranga mampalahelo

# Tovovavy 17 taona voalaza ho namoy fo, maty irery tao an-trano



*Nisehoana tranga mampalahelo teto amin'ny tanànan'i Betafo.*

Tovovavy 17 taona nanofa trano irery tao andrenivohitry ny kaominina ambonivohitr'i Betafo faritra Vakinankaratra, no hita faty nivalampatra tao an-tranony ny atoandron'ny alarobia lasa teo tokony ho tamin'ny 11 ora. Mpiara- monina saika hila resaka taminy no nahatsikaritra azy, ka avy hatrany dia niantso namana sy niezaka nitondra azy tany amin'ny hopitaly saingy tsy tana ny ainy. Tombanana ho namoy fo ity tovovavy mpianatra ao amin'ny kilasy famaranana ao amina sekoly tsy miankina iray ao an- toerana ity. Tsy nahitana ratra na mety ho endrika famonoana rahateo teny amin'ny vatany nandritra ny fizahana nataon'ny mpitsabo. Nisy ihany koa ny taratasy napetrany ho an'ny reniny izay mirakitra hafatra sy ny antony nahatonga azy hamoy fo. Isany amin'izany ny tsy fifankahazoana eo amin'izy mianaka sy ny tsy fahazakany ny olana sy ny sedra nisy teo aminy sy ny olontiany.
Ny tolakandron'ny alarobia teo ihany moa dia efa tonga naka ny razana ny fianakaviany.

**Ambinintsoa**

Lalaon'ny nosy 2023

# Homena fanampiana ny COJI

Nisy ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny hanatanterahana ny lalaon'ny Nosy 2023 eto amintsika, noraisin'ny filan-kevitry ny minisytra natao tamin'ny alarobia 7 jona 2023 lasa teo, ka tsy hasiana fanazavana na famakafakana fa indro havoakantsika eto amin'ny gazety tsy nisy nanombinana ny mahakasika an'izany, anjaran'ny tsirairay avy no mandinika ny zava-misy marina sy mandray izay azony raisina mahakasika azy ity. "Nankatoavin'ny Filan-kevitry ny Minisitra ny fandrosoana ny fizotry ny fanomanana ny fikarakarana ny fandraisan'i Madagasikara ny lalaon'ny Nosy faha- 11 izay ho tanterahina amin'ny 25 aogositra ka hatramin'ny 3 septembra 2023 ho avy izao. Teboka maromaro no novelabelarina, ka anisan'izany ny famaritana ny toerana fandraisam-bahiny izay hatokana hivantanana'ireo delegasiona avy amin'ireo nosy rahavavy izay handray anja amin'ny lalao, sy ho an'ny mpandray anjara avy eto antoerana. Hentitra ny baiko nomen'ny Filohan'ny Repoblika ny amin'ny hijerena izay toerana manaraka ny fenitra sy mendrika handraisana ireo delegasiona sy ny atleta Malagasy. Hisy araka izany ny fivoriana izay hotarihan'ny Minisitry ny fizahantany miaraka amin'ireo mpisehatra maro ao amin'ny fandraisam-bahiny, mba hametrahana ny fiaraha-miasa mahomby. Anisan'ny teboka noresahina ihany koa ny momba ny fikarakarana maro toy ny mikasiksa ny sakafo, ny fitaterana, ny famaritana ireo toerana hanaovana ireo fifaninanana isan-karazany, ny isan'ireo taranja hifaninanana, ary ny isan'ireo medaly izay hiadivana. Nanome toromarika ihany koa ny Filoham-pirenenena ny amin'ny hamitàna ny asa fanamboarana na fanatsarana ireo fotodrafitrasa handraisana ireo fifaninanana isan-karazany. Himasoana ihany koa ny fanofanana ny tompon'andraikitra amin'ny arofenitra sy ny serasera ary indrindra ny fiantohana ny fandriam paheleman mandritra io fotoana io. Kendrena hatrany ny fanomezana ohatra tsara eo amin' ny lafiny fahaiza-mandray vahiny, ka hisy ny fizarana "carte sim" miisa 4000 ho an'ireo vahiny izay hoavy, ka ny minisiteran'ny fampiroboroboana ny haitao ara-kajy mirindra no hiantoka an'izany fanomezana izany. Farany dia hisy ny fiaraha-mientan'ny minisitera tsirairay avy izay hifarimbona amin'ny minisiteran'ny tanora sy ny fanatanjahantena, mba hanatontosana an-tsakany sy an-davany an'ity lalaon'ny nosy ity. Nankatoavin'ny filankevitry ny minisitra ny hanomezan'ny Fanjakana fanampiana ara-bola na "subvention" ho an'ny Komity misahana ny fikarakarana ny lalaon'ny Nosy faha-11 na COJI 2023. Ny COJI izay hikarakara ny lalaon'ny nosy andiany faha- 11 dia fikambanana ara-panatanjahantena mahaleo tena, natsangana tamin'ny 11 desambra 2023, ary mipetraka eo ambany fiahiana ara-bolan'ny minisiteran'ny toekarena sy ny fitantanam-bola ary ambany fiahiana ara-teknikan'ny ministeran'ny tanora sy ny fanatanjahantena. Anisan'ny andraikitra sahaniny ny fikarakarana sy ny fiantohana ny fanatanterahana ny lalaon'ny nosy eo amin'ny lafiny ara-teknika, ara-pitaovana, ara-bola, ara-pitantanana, na ato amin'ny sehatra nasionaly izany na amin'ny sehatra iraisam-pirenena. Entanina hanatanterahana an'izany andraikitra maro izany indrindra no antony anomezana azy io fanampiana ara-bola na "subvention" io, fa indrindra hiantohana ny fanamboarana ireo fotodrafitrasa maro ilaina hampiasaina mandritra ny lalaon'ny nosy ary eo ihany koa ny fividianana ireo fitaovana sy kojakoja ara-teknika ilaina rehetra. Satria efa akaiky tokoa ny fotoana, dia nankatoavin'ny Filan-kevitry ny Minisitra ny hampiasana ny paikady ao anatin'ny hamehana na "procedure d'urgence", mba hahafahana mamita ireo asa maro mialohan'ny fiandohan'ny lalaon'ny nosy".
Dia ho hita eo raha ho tontosa eto amintsika ihany ity lalao ity, fa raha ny fanomanana aloha dia tandrametaka sy kitoatoa tanteraka.




*COJI 2023.*

**Rainilita**

Basket Zône 7 Fiba Afrique

# Mbola lany fanindroany i Ntsay Abel

Mbola lany fanindroany hitantana ny rafitra basikety "Zône 7 Fiba Afrique" ilay teratany Malagasy Ntsay Abel. Nandritra ny fivorian'ireo mpitantana basikety miandraikitra ny "Zônes" isanisany aty Afrique, natao tao amin'ny "Hotel Polana Serena-Maputo Mozambique" tamin'ny alakamisy 08 jona 2023, no nanaovana an'izany fifidianana izany, ka tamin'ny 7ora ka hatramin'ny 08 ora alina tany an-toerana no nanaovana an'izany hoan'ity Faritra faha-7 ity, izay Andriamatoa Manave Anibal, no "Superviseur" nanara-maso azy. Nanatrika an'izany ireo mpikambana ao amin'ity Faritra faha-7 ity : Madagascar (Alain Ramanarivo, VP), Maurice, Comores ary Seychelles. Nialohan'ny fifidianana natao dia nisy ny tatitra « Rapport d'activités de la Zone 7 » nataon'ny filoha am-perinasa, Ntsay Abel.

**Rainilita**



*Ntsay Abel tany Maputo (faha-3 avy ankavanana).*

Hakotiana mpilalao handball Akio U16

# Noraisin'i Tsiroanomandidy makotrokotroka

Noraisin'i Tsiroanomandidy, izay notarihan'ny filohan'ny ligin'ny handball sady ben'ny tanànan'ny kaominina ambonivohitra Tsiroanomandidy sy ny vadiny, tamin'ny fomba nakotrokotroka i Hakotiana, izay maherifo ny tanàna avy niatrika ny fifaninanana handball zône 6 Ihf Trophy, notontosaina farany teo tatsy Maorisy. Tonga nanotrona an'izany lanonana tsotra nefa niavaka izany koa ireo "Staff " sy raiamandrenin'ny klioban'ny Hct rehetra niaraka tamin'ireo ankizy mpiaramilalao aminy ao amin'ity klioba ity. Marihana fa Andriamatoa ben'ny tanànan'i Tsiroanomandidy no ray mpiahy an'ity taranja handball ity ary manao izay rehetra hanohanana izany, mba hiroborobo sy handroso hatrany. Taorianan'izany dia nisy ihany koa ny fitsidihana sady fandraisana natao tao amin'ny Talem-paritry ny Tanora sy ny Fanatajanhatena ao Bongolava (Drjs) izay nemetraka, fa ny taranja handball dia anisan'ny taranja mitondra ny lazan'i Bongolava na dia zandriny indrindra amin'ireo taranja hafa any an-toerana aza. Heno nandritra an'io lanonana io ihany koa, fa raha ny taranja handball any Tsiroanomandidy dia tsy manana kianja hilalaovana manokana.

**Rainilita**



*Hakotiana noraisina am-boninahitra tany Tsiroanomandidy.*

NY VALOSOA VAOVAO Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)
Dokam-barotra
Tél. 034 79 076 00

# Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**13/05/2023 hatramin'ny 20/05/2023**

- **MAHAFALY** (Soavimasoandro près terminus bus 165 Mahatony) 034 10 937 11
- **NAMONTANA** (Namontana) 034 23 899 93
- **M PHARMACIE** (Imm MAMA Ambalavao Isotry) 034 02 652 55/020 22 665 22/ 032 62 652 55/033 33 652 55
- **DE L'AVENUE** (Andohan'Analakely en bas BNI) 032 11 207 07/038 20 207 06/038 20 207 07/038 20 207 08
- **DE LA CROIX DU SUD** (Antanimena en face imprimerie NIAG) 020 22 220 59 / 032 05 656 56

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 600 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com

**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1443-06-2023
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

**ANDRO ERAN-TANIN'NY TONTOLO IAINANA**

## Nankalazaina nandritra ny 2 andro ny tany Menabe

Andro maneran-tany ho an'ny tontolo iainana, JME 2023, tao anatin'ny roa andro no nankalazana izany tamin'ity taona 2023 ity taty Menabe, ka ny faha 8 jona dia tao amin'ny distrikan'i Belo sur Tsiribihina kaominina ambanivohitr'i Beroboka ; fokontany Lambokely, no nifampotoana ireo mpisehatra eo amin'ny tontolo iainana rehetra ato Menabe, notarihan'ny lehiben'ny ditrikan'i Belo sur Tsiribihina, sy ny talemparitry ny tontolo iaianana sy ny fampandrosoana lovanin-jafy ary notronon'ireo mpiara-miombonantoka rehetra, sy ireo vahoaka maro be ary ireo vondron'olona eny ifotiny. Nisy ny kabary nifandimbiasana izay nandraisan'ireo tompon' andraikitra fitenenana ary nivoitra tao anatin'izany, fa na dia misy aza ny tsindry izay mahazo ny faritra arovana Menabe Antimena dia miezaka sy manao izay vitany ireo tompon'andraikitra, sy ireo mpiara-miombonantoka ary ireo VOI, ka misy ny vokatra tsara eo amin'ny fiarovana izay ataon'ireo vondron'olona ifotony na VOI, mivondrona ao anatin'ny fikambanana. Noho izany vokatra izany dia notolorana mari-pankasitrana ireo fikambanana 46 izay ahitana ireo fikambanana mpamono afo sy mpamokatra zana-kazo ary koa polisin'ala sy ireo mpamboly zanakazo izay tsara ho marihina, fa dia miandahy miambavy mihintsy ireo VOI ireo. Nandritra izany ihany koa no notanterahana ny fanolorana ny fitantanana teo amin'ireo VOI ; nisy ny famonoana omby izay natao nofon-kena mitampihavanana . Ny zoma 9 jona kosa dia nitohy tao amin'ny ditrikan'i Mahabo ny hetsika, ka ny kabary nifandimbiasana no nisantarana izany ary nitohy tamin'ny fitsidihana ireo tranoevan'ireo mpiara-miombonantoka ary ny tena nahaliana ny rehetra dia ny fampirantiana ny vokatry ny fanodinana ireo fako plastika ataon'ny fikambanana Manao Manga, izay hany manodina ny fako plastika ho fitaovana azo ampiasaina. Nitohy tamin'ny fitsimponana ireo fako plastika teo



*Fankalazana ny JME tany amin'ny faritra Menabe.*

an-tampon-tanànan'ny kaominina ambonivohitr'i Mahabo ny fotoana ny maraina satria, ny lohahevitra amin'ity taona ity dia hoe « Vahaolana amin'ny fandotona ateraky ny plastika », kilalao sy fandefasana sarimihetsika ny folakandro ary alim-padihizana alina maintso no mamaranana ny fankalazana. Nandritr'ity fankalazana ity no nilazan'ny ben'ny tanànan'ny kaominina ambonivohitr'i Mahabo, fa isan'ny olan'ity kaominina ity ny fifehezana ny fako, satria tsy mba manana dabampako izy ireo, fa borety vitsy kely no hatao fanangonana fako eo an-tampon-tanàna, ka manao antso vonjy amin'ny mpitondra mahefa ny ben'ny tanàna ny mba hamatsiana fitaovana ny kaominina toa an'ireo kaominina ambonivohitra rehetra

***Rajepa***

Kaominina Ivato sy Fanantenana zotra D

## Hitatitra maimaimpoana ireo mpanala CEPE

Hitatitra maimaimpoana ireo mpanala fanadinampanjakana CEPE ny kaominina Ivato distrikan'Ambohidratrimo, sy ny mpitatitra amin'ny kaoperativa zotra D. Nifanaraka ny ben'ny tanàna Penjy Randrianarisoa, sy ny Kaoperativa Fanantenana ao amin'ny zotra D, fa hitatitra maimaimpoana ny mpianatra hanala CEPE izay voatery mandeha alavitra. Hitohy amin'ny fanadinana BEPC sy Bakalorea ny fiaraha-miasa.
Nanome toky ihany koa ny kaoperativa Fanantenana, fa hanome tolotra tsara ny mpandeha amin'ny fahadiovana, kalitao, tsy hiodina an-dalana, hanaraka ny bokin'andraikitra, ka ho hentitra amin'ny fanaraha-maso ny fiasan'ny mpamily sy ny resevera ao aminy.

*Aly*




*Ny fihaonana teo amin'ny ben'ny tanànan'Ivato sy ireo mpitatitra.*

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 434**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0433)

***Mitsivalana***
- Paraky
- Olona – Zn
- Kavinao
- Eny – Eo
- Tatitra
- Ray – In
- Vata (miv) – Tao

***Mitsangana***
- Poketra
- Alàna
- Rovitra
- Any – Vay (miv)
- Kanety
- Roa (miv)
- Zo – Aia
- RN – Vono

### TENY MIFANAPAKA N° 434




**Mitsivalana**
**1.** Fitsinjovana **2.** Fiantsoana anao **3.** Isa omena amin'ny taranja – Oroka (miv) **4.** Fiandohan'ny lisitra – Loza mitatao **5.** Foto-tenin'ny mandroaka – Fanao amin'ny laika (BR) **6.** Sintona **7.** Nitady valiny mazava **8.** Karazana vato – Masindahy **9.** Tsy ara-potoana (miv) – Mampisafidy **10.** Azo amin'ny vary (miv) – Hazo fandrehitra

**Mitsangana**
**A.** Kilalaon-tsaina **B.** Tsirin-teny Iharana – Miaraka amin'ny basy (miv) **D.** Tanàna malaza **E.** Lalao fanatanjahan-tena (miv) – Malaina (miv) **F.** Loham-pianakaviana – Efa simba, haolo (miv) **G.** Anaty rano – Solfa (miv) **H.** Firinga - Tsy mendrika **I.** Mpanondro – Nahitana (miv) – Hita ao amin'ny vata **J.** Karazana fitafiana (miv) **K.** Lazaina mazava – Diky

### Valiny Teny mifanaraka 0433

**Mitsivalana**
**1.** Sambava - Lo **2.** Ovaina - Hao (miv) **3.** Ro(taka) - Soraty **4.** Atsinanana **5.** Ta - Koto - GR **6.** Antitra - Ao **7.** Na - Liana **8.** Mey (miv) - Aloa **9.** Lot(o) - Ana **10.** Lahatra - Sa

**Mitsangana**
**A** Soratana **B.** Avotana - La **D.** Ma - Hoy (miv) **E.** Bisikileta **F.** Mitonona (miv) **G.** Varatra - Ar **H.** Anoanana **I.** Ota - Ala **J.** Lainga **K.** OH - Arodana

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, LW

Ny filoha Marc Ravalomanana nitafa tamin'ny olona sendra azy tamin'ny lalampirenena faha-25, tao Vohiparara.









Ny sasany amin'ny komity mpikarakara ny kongresim-paritry ny TIM any Fitovinany, nitafa tamin'ny MBS Radio Manakara omaly.





Niomana amin'ny hanatanterahana ny kongresimparitry ny TIM faritra Fitovinany, niaraka tamin'ny birao politikan'ny TIM, izay tarihan'ny sekretera jeneraly Rina Randriamasinoro, sy ny mpandrindra nasionaly Jean Claude Rakotonirina ny mpikarakara omaly. Kongresim-paritra hatao ao amin'ny Kolejy Loterana Mangarivotra Manakara anio.



